


NY FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY



Connaissez-vous un moyen simple et efficace de produire du poisson sans investissement coûteux ? Il s'agit de la pisciculture en rizière, appelée aussi rizi-pisciculture. Cette pratique agro écologique permet de valoriser vos ressources en eau et vos rizières en produisant du poisson en même temps que le riz. Les bas-fonds rizicoles des Hauts Plateaux malgaches sont particulièrement propices au développement de la rizipisciculture qui peut concerner des dizaines de milliers d'exploitations agricole familiales. Cette bande dessinée permet de mieux faire connaître auprès des jeunes ruraux le grossissement de la carpe en rizière qui jouent déjà un rôle important dans la sécurité alimentaire et la consolidation du revenu agricole des ménages. Essayez !! Et vous verrez !!

Misy fomba tsotra sy mahomby fantatrao ve ahafahana mamokatra trondro tsy andaniam-bola loatra? Misy izany, dia ny fiompiana trondro ao anaty tanimbary na antsoina hoe fiompiana trondro an-tanimbary. Ahafahanao mampiasa ny rano sy ny tanimbary ka hamokaranao miaraka ny trondro sy ny vary ity fomba fiompy manaja ny tontolo iainana ity, na koa lazaina hoe famokarana agro-ekolojika. Amin'ny faritra afovoan-tany mantsy dia mety tsara ny voly vary, hita mitandavana feno tanimbary ireo lohasaha, mahasahana fianakaviana aman'alinalina mihitsy izy noho izany. Ity tantara an-tsary ity àry dia te-hampahafantatra kokoa amin'ireo tanora, indrindra ireo izay tantsaha mipetraka eny ambanivohitra, momban'ny fanatavizana karpa an-tanimbary, izay tsy zoviana fa manana ny anjara toerany lehibe eo amin'ny fanjarian-tsakafo sy ny fanatsarana ny vola miditra eo amin'ny tokantrano. Andramo ange dia ho hitanao e!!

Cette Bande dessinée a été réalisée par :

L'ONG APDRA Pisciculture paysanne
Mahazoarivo Nord- Résidence sociale
BP 76 - 110 ANTSIRABE – MADAGASCAR
Tél : +261 (0)20 44 489 89
www.apdra.org

Et

Le programme SmartFish de la Commission de l'Océan Indien dans le cadre de la composante Sécurité alimentaire de l'Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture

Blue Tower, 5th floor- Institute road
Ebène - Maurice
Tel : +230 402 61 00

<http://www.smartfish-coi.org/>

Conception : Cassidy TIAMBAHOAKA

Appui technique : Tsirihaina RANDRIAMPENO, Vola RATIARIVELO, RALAY RAKOTOMALALA Mamiarisoa, Fabien COUSSEAU, Michel De San, Barbara BENTZ et Dominique BOUCHET

Dessin, couleur et PAO : Pierre RAJAONARISON / Michel RANDRIA

Impression : La REPROGRAPHIE

AMBOHIPIVOARANA

TANANA IRAY AO AFOVOAN-TANY
MAMENO NY LOHASAHA SY TANETY, NY
VARY SY NY VOLY FIHINANA.



TAIZA IALAHY NO TSY HITA
MIHITSY RY BEMA A ?

TSY SALAMA RE AHO RY FANJA, DIA MBOLA TAO
AN-TRANO FOANA E, MBOLA RERADRERAKA
MIHITSY AZA AHO IZANY !



HAY VE ! ARY IANAO TENA TAIZAN'ARETINA
MIHITSY AN ! I DADA SY NENY IZAO EFA
MANOMANA NY FIDIRAKO HIANATRA !

IZANY VE, NY ANAY NY
SAKAFO AZA MILA TSY
HO HITA!
ASA RAHA AFAKA
HANOHY NY
FIANARAKO
IHANY AHO
NA TSIA ?



NY ANAY NY VIDIN'NY KARPA NO
IANTOHANA NY FIANARAKO !

TANIMBARY IHANY NO
NIOMPIANAY KARPA
HATRAMIN'IZAY RY
BEMA A !


NY TANIMBARY KOA IZANY
AZO IOMPIANA KARPA ?
ANDEHA HORESAHAKO
AMIN'I DADA SY NENY
IZANY !

KARPA ?!
MANANA DOBO ANGAHA
IANAREO ?



I DADA AZA IZAO AFAKA MANOME
TORO-
HEVITRA SY MAMPANATODY KARPA !






TENA MAHALIANA AHY IZANY RAZAMA FA MBA OMEO TORO-HEVITRA IZAHAY E!




KOA MANINONA MOA!


NY FISIAN-DRAZAMA MAHAHEHY TSARA NY FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY AO AN-TANANA DIA MANAMPY NY FIFANAKALOZANA TRAIKEFA EO AMIN'NY TANTSAHA SAMY TANTSAHA KA MITONDRA AN'AMBOHIPVOARANA ANY AMIN'NY FAHALEOVANTENA ARA-TEKINIKA ...



ENY ARY E! NY TSARA HIOMPIANA KARPA DIA TANIMBARY



... TSY MORA AZON'NY TONDRA-DRANO SY TSY MORA RITRA ; AKAIKY TANANA HANAMORA NY FIAMBENANA SY NY FIKO-JAKOJANA. AZO RITINA MBA HANAMORA NY FANAMAINANA SY NY FIKARAKARANA NY TRONDRO ...



... MIARA-MASOANDRO ; SATRIA MANATSARA NY FITOMBON'NY KARPA NY HAFANANA.

... BE TANIMANGA MBA HITAZONANA NY HAAVON'NY RANO ...

TENA MAHAFENO IZANY
FEPETRA IZANY NY
TANIMBARINAY RAZAMA A,
TAPA-KEVITRA AHO
FA HIOMPY KARPA!



HO AVY AHO HANORO
HEVITRA E!


ANDRO VITSIVITSY TATY AORIANA TEO AN-TANIMBARIN-DRY BEMA,
MANDRITRA NY ASA TANY.

TSARA NY FANAOVANA ZEZIKA AMBA-
NIN'NY BAINGA MBA HANDONAHANA
NY TANY KA HAMORONA SAKAFO...




... VOAJANAHARY HO AN'NY KARPA

FA ATAO AVY HATRANY NY DOBO FIERENA SY NY
TAHALAKA.




INONA NO ILAINA AN'IREO EO
AMIN'NY FIOMPIANA KARPA ?


NY FAMPIAKARANA SY FANATEVENANA NY TAHAKALA DIA MANAMPY
AMIN'NY FAMPIAKARANA NY RANO, MITAZONA NY HAFANAN'NY RANO TSY
HIOVAOVA BE LOATRA ARY TSY ATAHORANA HO VAKY.



RAHA IVA LOATRA NY TAHAKALA
DIA METY HIHOATRA NY RANO.



AFAKA ATAO AFOVOANY KOA NY DOBO FIERENA.



AMPIDIRINA NY RANO ARY HOSENA
NY TANIMBARY...



ATAO MARIMARINA TSARA NY
TANY...



... ARY ATAO NY
FANETSANA




RITINA NY RANO ARY
AVELA HO VAKIVAKIN'NY
MASOANDRO NY TANIM-
BARY



AZA ADINO NY MAMETRAKA
IZAY METY HIAROVANA
AMIN'NY FAHAVREZAN'NY
KARPA



AZO
AMPIDIRINA
AMIN'IZAY NY RANO
ARAK'IZAY ILAINA
AZY...



VITA NY DOBO FIE-
RENA, AFAKA AMPIDI-
RINA AMIN'IZAY
NY ZANA-TRONDRO

TSY MAMPIHENA NY VOKA-BARY VE IO FANAJARIANA IO RAZAMA A ?

TSIA !

NY FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY DIA MAMPIAKATRA 10% KA HATRAMIN'NY 20% NY VOKA-BARY SATRIA NY KARPA MANOME AINA NY FOTO-BARY, MIHINANA IREO BIBY KELY AMIN'NY VARY, NY TAINY LASA ZEZIKA

TEKNIKA AGRO-EKOLOJIKA

FIRY EO MOA RAZAMA NY ZANA-TRONDRO ATAO AMIN'ITY TANIMBARY 5 ARA ITY ?

MIANKINA AMIN'NY TANJONA IO ; NY FAHALONAHAN'NY TANY SY NY FAHAFAHANAO MANAMASAKA SY

... MITONDRA SAKAFO FANAMPINY ARY NY FILAN'NY TSENA ...

MISY FIANTRAIKANY AMIN'NY HABEN'NY TRONDRO KOA NY HABETSAHANY

AFAKA ANDRO VITSIVITSY , EO AMIN'NY DOBO FAMPANATODIZAN-DRAZAMA KARPA

ANAOVY ZANA-TRONDRO 100 RAZAMA !


NY AHY 200

200 VE RALIVA ? NY TANIMBARINTSIKA ANEFA MITOVY VELARANA !


IZAO AN ! MBA HANATSARANA NY TAHA-PAHAVELOMAN'NY ZANA-TRONDRO DIA IZAY FENO IRAY VOLANA SY TAPANY NO ALAINA ...

... FITAOVANA MISARONA NO ITONDRANA AZY KA ASIANA RANO NY 1/3 ARY RIVOTRA NY 2/3 ...

SOLOINA NY RANO RAHA MAHARITRA NY DIA, FA IANAREO MOA AKAIKY IHANY. SADY ATERIKO IANAO INGAIHREDEY A!



APETRAKA AO ANATY DOBO FIERENA NY FITAOVANA NITONDRANA NY KARPA, ARY AVELAO HIFANGARO TSIKELIKELY NY RANON'NY TANIMBARY SY NY RANO HITONDRANA AZY...



... MBA HO ZATRA NY RANO ASIANA AZY NY ZANA-TRONDRO




MANOMBOKA ETO RY BEMA DIA MBA MANAMPY KOA IALAHY!



MANARA-MASO NY TANIMBARY NA ANDRO NA ALINA



... AMPIAKARINA ARAKA NY FITOMBON'NY VARY NY HALALIN'NY RANO KA TSY MIHOATRA NY 1/5 NY HAAVON'NY VARY...



... DIVINA TSARA NY TAHALAKA MBA TSY HAMPITOMBO NY BIBY FAHAVALO ...




HIDIANA NY FIDIRANA SY NY FIVOAHANAN'NY RANO...



FA TSY ESORINA NY KARAKARA

MIKARAKARA ZEZIKA KELY ISA-MARAINA IZY MIANAKA...




AFANGARO TSARA ARY ASIANA RANO HO LASA LASOPY NY ZEZIKA SY NY MOLOLO...




ALONA MANDRITRY NY ALINA... FARAFAHAIN-GANY



... ARY AFAFY MANERANA NY TANIMBARY HO MORA LÒ HIVADIKA BIBIKELY HO SAKAFO VOJANAHARY



NY RAMILAMINA IHANY KOA AZO ALAINA



HAMAININA ...



... TOTOINA...



... DIA ATAO ZEZIKA FA BE AZOTA




AFAKA ANDRO VITSIVITSY, MASAKA NY RANO AO AN-TANIMBARY



... AJANONA NY FANAMASAHANA SATRIA MIHABETSAKA NY SAKAFO VOAJANAHARY



TAZOMINA HO MAITSO NY RANO



NY FANAMASAHANA DIA MANAMAFY NY FIFANDROHIZANA ARA-TSAKAFO

TANDREMO! RAHA LASA MAITSO BE LOATRA NY RANO, MIDIKA FA BETSAKA NY FANAMASAHANA KA HANEMPOTRA NY KARPA!




MAMOFONA

... VAO MARAINA

ATSAHARO NY FANAMASAHANA





NY SAKAFO FANAMPINY DIA OMENA TSIKELIKELY ARY ATAO MATETIKA !



MITOMBO TSARA NY KARPA RAHA AMPY NY SAKAFONY



NANDRITRIN'NY FIHAONAN'NY VONDRONA « TSARAKARPA »

NY AHY NISY NANGALATRA TAO AN-TANIMBARY NY ANTSASAKY NY VOKATRO TAO RY ZAREO A!

IZANY VE? MIVONDRONA KOA IANAREO MPIOMPY KARPA AO AMBOHITSOA AO FA AZA SAMY MAKA HO AZY IZANY E!



MARINA IZANY FA MANAMORA NY FIAMBENANAY TETO AMBOHIPIVOARANA NY FANARAHA-MASO IARAHANA AMIN'NY «TSARAKARPA» !

NY FITANTANANA NY RANO KOA ANIE DISADISA BE ANKOATRA NY HALATRA ENY AMBOHITSOA E!



NY ANAY EFA MISY LAMINA NAPETRAKA MIARAKA AMIN'NY KAOMITIN' NY RANO ETO AN-TANANA

EFA MBA NIEZAKA NY NIFANDAMINA IHANY AHO FA TSY METY MIHITSY E!



KA RAHA TSY MIVONDRONA IANAREO TSY AFAKA NY HIFANDINIKA AMIN'NY Hafa KOSA E!

MARINA IZANY, SADY TENA SARO-PADY HO ANAY MPAMOKATRA ZANAKA KARPA NY RESAKA RANO !



MARINA TOKOA IZANY FA TENA TSY MIJALY ZANAKA KARPA MIHITSY AMBOHIPIVOARANA AN!

NY ZANAKA KARPA IZANY MOA DIA TENA IFAMPITADIAVANA MIHITSY ENY AMINAY ENY AMBOHITSOA !



MAROMARO IZAHAY ATO ANATY «TSARAKARPA» NO MAMPITERAKA KARPA, SADY MANAMORA NY VIDIN'NY ZANAKA KARPA KOA IZANY !



ILAINA NY VONDRONA SATRIA NY FISIANY «TSARAKARPA» NO NAHAFAHANA NAHAZO TRAIKEFA TAMIN'NY FIOMPIANA! MISAOTRA RAZAMA !

SADY NY VONDRONA NO NANOME LANJA NY MPIOMPY KA NA NY MANAM-PAHEFANA AZA DIA EFA MANANA NY LISITRAY!

NY VOLANA MARTSA NAMPIAKATRA VARY RY BEMA, TANIMBARY FOLO ARA NO NAMBOLENA VARY ARY DIMY ARA TAMIN'IO NO NIOMPIANA KARPA KA TSARA NY VOKATRA




REHEFA NOJERENA IHANY KOA NY FITOMBON'NY KARPA DIA HITA FA NITOMBO TSARA ...



... ARY NY VOLANA JONA ANKATOKY NY FETIMPIRENENA NO NAMPIAKATRA TRONDRO RY ZAREO.





250 GRAMA NY IRAY!



RALIVA KOSA NIJERY NY FITOMBON'NY KARPA ARY NAKA KELY ATAO SAKAFO AMIN'NY FETY

TENA KELY IZY ZANY AN! ALEO TOHIZAKO HATRAMIN'NY OKTOBRA NY FIOMPIANA!




FA AHOANA RAZAMA NO TSY MITOVY NY TRONDRO AZONAY SY INGAIREDY NEFA ZANA-TRONDRO IRAY TARIKA IHANY ?



AVO ROA HENY NY ZANA-TRONDRO NOMPIANAO KA TSY AMPY ARAK'IZANY NY SAKAFONY!

IZANY HOE: ALEO ZANA-TRONDRO VITSY NO ANOMBOHANA AZY ARY AMPITOMBOINA AMIN'NY TAOM-PIOMPIANA MANARAKA RAHA ILAINA



IZAY MIHITSY SATRIA TSY MISOY FENITRA RAIKITRA TSY MAINTSY ARAHINA NY HAKITROKA!

IO NO KARPA AZO TAMIN'NY 100 NAMPIDIRINA, TSY MAHAGAGA IZANY SATRIA MARO IREO FAHAVALO Hafa TSY VOAFEHY TOY NY VORONA SY NY Hafa KOA



TENA SADY VOLA NO SAKAFO !



TENA TSY MANDANY NY FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY ! NY TOERANA NIOMPIANA AZY TSY NIALANA VOLA INTSONY FA NY TANIMBARINTSIKA. NY ASA FANAJARIANA VITAN'NY FIANAKAVIANA ...



... NY ZEZIKA KOA DIA IREO BIBY FIOMPY IHANY NO HAKANA AZY ARY NY FANAMPIN-TSAKAFO DIA IZAY AMBIM-TSAKAFO TATO IHANY ...



NY ZANA-TRONDRO IHANY NO MASONKARENA KA NAHAZOANA 120 000 ARIARY NY 15 KILAO

AFAKA MIANTOKA NY FIANARAKO IREO RY DADA Ô!



NY VOKA-BARY IHANY KOA NITOMBO FOLO ISAN-JATO NA TEO AZA NY FANAJARIANA IZAY NAMPIHENA NY ISAN' NY FOTO-BARY!



HE! TANDREMO SAO
KENDA EO AN!

NY FIHINANANA TRONDRO MATETIKA DIA MANAMPY
AMIN'NY FITOMBOANA SY NY FAHASALAMANA
NOHON'NY OTRIK'AINA ENTINY ...



... MIHINÀNA TRONDRO RANKIZY FA AO ANATY
VATANA SALAMA ANIE NO MISY NY SAINA
MATSILO E!
MIAM!



SAROTRA RANO NY TANIMBARY AMIN'NY RIRININA

... NANOHY TAMIN'NY VOLY
AVOTRA RY BEMA.



... FA RALIVA KOSA IZAY TSARA RANO DIA NANOHY
NY FIOMPIANA KARPA ...




... NY VOLANA OKTOBRA VAO NAMPAKATRA
TRONDRO IZY



NY HALAVAM-POTOANA IOMPIANA
IHANY KOA NO MAMPITOMBO NY
LANJAN'NY TRONDRO ...



KELY FITOMBO NY TRONDRO AMIN'NY VANIM-POTOANA MANGATSIKA RAHA OHARINA AMIN'NY ANDRO MAFANA...



ANDROANY AHO NO HIVAROTRA IRETO TRONDROKO IRETO ENY AN-TSENA !

HAN! MAMOKATRA KOSA 'NAREO IZANY AN!



NY AHY EFA NAMBARAKO TAMIN'NY FIVORIANTSIKA FA AMIN'NY FARAN'NY VOLANA NO HAMAROTRA !



TENA METY NY FIFANDAMINANTSIKA EO AMIN'NY FAMAROTANA . LANY DAHOLO NY AHY TAMIN'NY TAPA-BOLANA ANDAO FA IZAHO KOA HO ANY AN-TSENA!



TENY AN-TSEAN'NY KAOMININA MIFANOLO-BODIRINDRINA NO NAMIDY NY TRONDRO-N-DRALIVA.

9 000 AR NY KILAO !

ARY MANINONA MOA ISIKA RAHA
MANANGANA TOERAM-PIVAROTANA KA
IARAHANA MINTANTANA



HEVITRA TSARA IZANY! HO AROSONTSIKA
AMIN'NY FIHAONANA MANARAKA IZANY HEVITR'I
RAVAO IZANY !



TEO AN-TOKONTANIN-TSEKOLY



AHOANA RY
BEMA, SALAMA ?


IE! SADY SALAMA AHO IZAO NO AFAKA
MIANATRA ARA-DALÀNA FA AMPY SAKAFO !
MISAOTRA RY FANJA !

NANAMAIVANA NY FAHASAHIRANANA ARA-BOLA SY ARA-TSAKAFO KA NITONDRA FAHASALAMANA TEO
AMIN'NY FIANAKAVIAN-DRY BEMA NY FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY.



Fampitahana ny ara-tekinika sy ny ara-bola

Fandaniana fanampiny novinavinaina ho an'ny tanimbary 3 ara.




Dingana 1 : Fanajariana

Raha ny fianakaviana ihany no miasa

→ Miampy asan'olona 6 anatin'ny iray andro

Raha manakarama olona

→ Olona 6 anatin'ny iray andro x 3 000Ar = 18 000Ar ny sarany



Dingana 2 : Fampidirana zana-trondro (hakitroka : 20/ara)

Isan'ny zana-trondro ilaina

→ 20 zana-trondro x 3 ara = 60 zana-trondro

Vidin'ny zana-trondro ilaina

→ 60 zana-trondro x 100Ar = 6 000Ar



Dingana 3 : Fanamasahana

Fampiasana ny zava-misy eo an-toerana

→ Tain'omby sy mololo

Fatra ilaina (6kg/ara/andro)

→ 6 kg x 3ara = 18kg/andro (miankina amin'ny fahasahana ny rano no faharetan'ny fitondrana azy)

→ Olona miasa ilaina isaky ny ara : 2 olona/andro, Sarakantsaha : 3 000Ar isan'andro

Tombony azo avy amin'ny tanimbary 3 ara

Afaka 4 volana



Masonkarena sy tombom-barotra isaky ny kilao :

Raha ny fianakaviana ihany no miasa

→ Vola miditra : $8,6\text{kg} \times 8\,000\text{Ar}$ = **68 800Ar**

→ Vola nivoaka : $60 \text{ zana-trondro} \times 100\text{Ar}$ = **6 000Ar**

→ Tombom-barotra : = **62 800Ar**

- Masonkarena isaky ny kilao : $6\,000\text{Ar} \div 8,6\text{kg}$ = **698Ar/kg**

- Tombony isaky ny kilao : $62\,800\text{Ar} \div 8,6\text{kg}$ = **7 302Ar/kg**

Masonkarena sy tombom-barotra isaky ny kilao :

Raha manakarama olona

→ Vola miditra : $8,6\text{kg} \times 8\,000\text{Ar}$ = **68 800Ar**

→ Vola nivoaka : $24\,000\text{Ar}$ = **24 000Ar**

→ Tombom-barotra : = **44 800Ar**

- Masonkarena isaky ny kilao : $24\,000\text{Ar} \div 8,6\text{kg}$ = **2 790Ar/kg**

- Tombony isaky ny kilao : $44\,800\text{Ar} \div 8,6\text{kg}$ = **5 209Ar/kg**



Tombony amin'ny voka-bary :

→ Raha miaraka amin'ny karpa : $82,5\text{kg}$ akotry → **49 500Ar**


→ Raha voly vary ihany : 75kg akotry → **45 000Ar**

→ Vary fanampiny : $7,5\text{kg}$ akotry → **4 500Ar**

Kilao akotry : 600Ar/kg, Kilao karpa : 8 000Ar/kg, Voka-bary fanampiny : 10%, Taha-pahaveloman'ny karpa : 80%

Tombontsoa ara-tsakafo entin'ny trondro


→ Ireo singa ara-tsakafo azo avy amin'ny trondro



Ny trondro dia anisan'ireo sakafo mitondra proteina

- Ahitana karazana asidra mamorona proteina ilain'ny vatana
- Eo ihany koa ireo acides gras (oméga 3) tsara ho an'ny fahasalamana
- Ary ireo vitamines A, B, D, E sy singa mineraly


→ Tombontsoa azo avy amin'ny fihinanana trondro



Manampy amin'ny fivoarana sy ny fiasan'ny ati-doha



Manampy amin'ny fiforonan'ny zaza ao an-kibo sy ny fitomboany



Manampy amin'ny fiasan'ny fo sy ny lalandrà



Manampy amin'ny fahasalamana sy ny fahatanjahana

Mihinàna sakafo samihafa sy maro loko

→ Ireo sakafo maro loko sy ny singa ara-tsakafo entiny

Ovaovao ny sakafo ohanina

- Voamaina (tsaramaso, voanjo bory, sns.)
- Legioma
- Anana



Voamaina



Anana



Legioma

Ireo sakafo ireo dia mitondra :

- Proteina
- Gliosida
- Singa mineraly (vy, kalisioma, sns.)
- Vitamina (A, C, K, sns)



Vary mena




Tsaramaso mena

Tsara ho fantatra fa ny vary mena sy ny tsaramaso mena no tena feno otrik'aina indrindra

Cette bande dessinée est réalisée et diffusée avec le soutien :

Du Ministère des Ressources Halieutiques et de la Pêche



Et

Du Ministère de l'Education Nationale



Et

La Représentation de l'Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture à Madagascar, Comores, Maurice, Seychelles



Mis en oeuvre conjointement avec
**Organisation des Nations Unies
pour l'alimentation et l'agriculture**



Née en 1996, l'APDRA est une association de solidarité internationale à but non lucratif qui appuie le développement de la pisciculture paysanne des pays du Sud et sensibilise les acteurs du Nord aux enjeux que représente cette activité pour le développement de l'agriculture familiale. L'APDRA intervient à Madagascar depuis 2004. Son action a pour but de renforcer les dynamiques paysannes autour de la pisciculture,

dans le cadre d'activités d'appui à la formation, à la structuration professionnelle et à la recherche, en partenariat avec le Ministère des Ressources Halieutiques et de la Pêche, les organisations professionnelles agricoles, les collectivités territoriales et l'ensemble des acteurs du développement piscicole malgache.



COMMISSION DE
L'OCÉAN INDIEN

La Commission de l'Océan Indien (COI) est une organisation intergouvernementale créée en 1982 à Port-Louis (Maurice) et institutionnalisée en 1984 par l'Accord de Victoria (Seychelles). Elle réunit cinq pays de la région Océan Indien : Union des Comores, France/Réunion, Madagascar, Maurice, Seychelles. Sa mission principale est de resserrer les liens d'amitié et de solidarité entre les populations de l'Indianocéanie, et de bâtir des projets régionaux de développement durable, destinés à les protéger, améliorer leurs conditions de vie et préserver les ressources naturelles dont elles dépendent fortement. Seule organisation régionale africaine composée exclusivement d'îles, la COI défend leurs intérêts insulaires sur la scène régionale et internationale et promeut un développement plus durable et solidaire.

Union des Comores, France/Réunion, Madagascar, Maurice, Seychelles. Sa mission principale est de resserrer les liens d'amitié et de solidarité entre les populations de l'Indianocéanie, et de bâtir des projets régionaux de développement durable, destinés à les protéger, améliorer leurs conditions de vie et préserver les ressources naturelles dont elles dépendent fortement. Seule organisation régionale africaine composée exclusivement d'îles, la COI défend leurs intérêts insulaires sur la scène régionale et internationale et promeut un développement plus durable et solidaire.



SmartFish est un programme régional de pêche mis en œuvre conjointement par la Commission de l'Océan Indien (COI) et l'Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture (FAO). Financé par l'Union européenne, SmartFish opère dans vingt pays de la région océan indien, Afrique australe et orientale.

Le Programme vise à contribuer à élever le niveau de développement social, économique et environnemental et à accroître l'intégration régionale grâce à l'amélioration des capacités pour l'exploitation durable des ressources halieutiques. Cette bande dessinée éducative a été produite dans le cadre des activités du programme visant à améliorer la sécurité alimentaire des populations.



Financé par
l'Union européenne



Mis en œuvre conjointement avec
**Organisation des Nations Unies
pour l'alimentation et l'agriculture**